

## TORITENY – ALAHADY III - KAREMY TAONA D



### ***Raha manapa-kevitra isika ny hibe-baka sy sy hiala amin'ny toetra ratsy ka hifidy an'i Jesoa Kristy dia manomboka ny fianam-baovao***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady fahatelo amin'ny karemy izao dia asain'ny Eglizy isika hijery bebe kokoa ny zava-misy eo amin'ny manodidina atsika. Matetika eo anatrehan'ny loza indrindra isika no tonga saina ka mieritreritra ary hitady hanome tsiny an'Andriamanitra : eo anetrahan'ny aretina mikiky atsika ireny, ny accident, ny haitrano, ny tondra-drano, ary raha manaraka ny vaovao koa isika dia mahita ireny tsunami, horohoron-tany, kere, ady sy herisetra isankarazany izay miseho etsy sy eroa indrisky ! Izay no nahatonga ny Papa Ray masina nilaza ao amin'ny encyclique mikasika ny tontolo iainana fa ity "tranobe iombonana" ity dia marary. Voalazany ao amin'io encyclique io fa matetika isika mitady hanome tsiny an'Andriamanitra ary mieritreritra fa avy amin'Andriamanitra ihany koa ny fahafatesana sy ireny loza isankarazany ireny.

Tian'ny Eglizy amin'izao Alahady fahatelo ny karemy izao, miainga amin'ireo vakiteny masina arosomy amintsika, manambara fa tsy avy amin'Andriamanitra velively ny loza sy ny fahafatesana. Tsy nahary loza na fahafatesana izy fa nahary fiainana, nanolotra ny ainy ho antsika ary nohariany

hitovy endrika aminy isika ka noho izany tsy avy amin'Andriamanitra velively fa vokatry ny fahotana, vokatry ny fisarahantsika amin'Andriamanitra.

Raha misaraka amin'Andriamanitra isika dia aza gaga raha miha-potika ity tranobe iombonantsika sy ity tany mamintsika ity.

***Vakiteny I :*** Eks. 3, 1-8a. 13-15

***Tononkira :*** Sal. 102

***Vakiteny II :*** 1 Kôr. 10, 1-6. 10-12

***Evanjely :*** Lk. 13, 1-9

Milaza i Jesoa ao amin'ny Evanjely ( Lk. 13, 1-9) naka ohatra an'ireo Galelianina tamin'ny andron'i Pilaty hoe : mpanota daholo ve ireo ? toy izay koa ny loza niseho tao Siloe fa nirodana ny

tilikambon'ny Siloe ka maro ny maty, izay nahatonga an'i Jesoa nametraka fanontaniana ; ireo maty ve nanota avokoa ary ireo tsy maty tsy nanota ? Tsy ny fahafatesana izany no jerena fa araky ny lazain'i Jesoa eto, ny fibebahana, ny fiverenantsika amin'Andriamanitra, ny hampiova ny fontsika. Noho izany ny Papa, amin'izao taona masina, taona Famindrampo, miantso fa ny fontsika olombelona no manapotika ny fiainantsika. Ka raha ny fontsika mitovy, miombona amin'Andriamanitra, miverina amin'Andriamanitra isika dia mihavao ny fiainantsika sy mihatsara satria fiainan' Andriamanitra ny fiainantsika.

**Izay tokoa ry Kristianina havana no anentanana atsika rehetra amin'izao vanim-potoan'ny karemy izao mba hiverina tokoa isika, hitodika amin'Andriamanitra isika, hametraka an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika ka amin'izay, voalohany miova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, faharoa miova ny fifandraisantsika amintsika samy olombelona ary miova ihany koa ny fifandraisantsika amin'ireo voaary sy ny tontolo manodidina atsika ka hirindra ny fiainantsika.**

**Ady sady dia tokoa ny fiainana, ady amin'ireny fakam-panahy izay mahatonga atsika manapotika ny tontolo ka mandrora mitsilany isika.**

Matetika averintsika ny hoe : Izay mandoro tanety mamono taranaka ary izay mamboly hazo manome aina. Izao tokoa ny fotoana hialantsika amin'ireny tevy ala izay fantantsika ny vokany : mahatonga an'ireny zava-boaahary potika, ny tondra-drano, ny aretina maro samy hafa ary indrindra ireny herisetra manapotika ny fiainantsika.

**Aoka ary isika hiady ary hiroso hanara-dia an'i Kristy amin'izao fiomanantsika amin'ny Paka izao, hiakatra tsikelikely isika ho an'ny Jerosalema.** Izay no dikany pelerinajy ataontsika any amin'ny "la montagne", hiakatra isika tahaka an'i Jesoa, enontsika tamin'ny vakiteny tamin'ny Alahady lasa teo fa niakatra tany an-tendrombohitra izy dia niova. **Hiakatra tokoa isika, hiakatra hanatsara bebe kokoa, ny dikan'ny fiakarana dia mba hanatsara kokoa ny fiainantsika ka hiala amin'ireny fiainana mirefarefa vokatry ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona satria ireny no tena fototry ny fakam-panahy mitondra an'ireny fanapotehana an'ity tranobe iombonantsika ity.**

Aoka ary araka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (1 Kôr. 10, 1-6. 10-12) ho fananarana ho antsika ireny loza miseho ireny ka hahatonga saina atsika ka mba hiala amin'ny fiainana tsizarizary isika. Ny razantsika ihany aza nilaza sy mahafantatra fa " ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny fanahy ratsy azo ovana", na ny tarehy aza izao efa hain'ny siansa ny manova azy, ka noho izany aoka hiova ny fontsika, hiova ho tsara ny fontsika.

Miova ho tsara ny fontsika raha Andriamanitra no manjaka ao anatin'izay fontsika izay. Ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa : "aoka ny zava-mitranga rehetra ho fananarana atsika, hahatonga saina atsika ka hibebahantsika mba hiova ho tsara tokoa ny fontsika" Tahaka ny nampianarin'ny vakiteny voalohany, bokin'ny Eksaody (Eks. 3, 1-8a. 13-15) izay mitantara ny zavatra niseho tamin'ny fotoan'andron'i Moizy ka nahatonga azy koa hiala tamin'ny fiainana taloha, miantso atsika tahaka ny niantsoany an'i Moizy Andriamanitra mba hihavao, hitarika ny vahoaka. Esory ny kapa amin'ny tongotrao fa tany masina io, midika hoe : esorintsika ny toetra ratsintsika mirefarefa amin'ny tany tahaka ny kapa fa hiditra amin'ny toetra tsara isika, izany hoe tany masina, hiditra amin'ny varavarana masina isika. Ny taona masina dia midika fa hanao dingana vaovao isika hiditra amin'ny fiainan'Andriamanitra. Izay no irintsika satria tsy miafina

amin'Andriamanitra ny fiainantsika tahaka ny nahafantarany ny fiainan'ny vahoakany tany Ejipta voafatotra sy voagejan'ny fanandevozana. Ny fahotana no fanandevozana tena mandonja atsika ka mahatonga ny fanapotohana ny tranobe iombonantsika ity.

**Koa enga anie izao vanim-potoana lehibe amin'ny karemy izao, hanararaotra an'izao tokoa isika hiverina amin'ny Tompo, hibebaka hiala amin'ny toetra ratsy ka hiditra amin'ny fiainam-baovao ao amin'ny Tompo ka handray ny famindrampon'Andriamanitra tokoa isika izany hoe ny fon'Andriamanitra no zary fontsika ka hanova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, hanova ny fifandraisantsika samy olombelona, hanova ny fifandraisantsika amin'ny voaary sy ny tontolo iainantsika toy izay hanapotika atsika dia hanome aina isika izay hanambara fa fiainam-baovao no ao amintsika ao.**

Ry Jesoa Tompo ô, miaraka aminao tokoa izahay hamakivaky an'ity vanim-potoanan'ny karemy ity hitondra anay amin'ny Paka, hiakatra an'i Jerosalema izahay, hiakatra amin'ny la montagne, homaninay dieny izao izany fiakarana amin'ny la montagne izany ka hahatonga izay fifandraisanay aminao ho fifandraisana vaovao. Hiakatra ambonimbony kokoa izahay. Enga anie ary izahay ho vonona handray ny fahasoavana hanavao ny fonay. Homano amin'ny tena fibebahana izahay ka hiova toetra tokoa ka mba ho toetra vaovao amin'izao Paka izao. Enga anie hafanainao mandrakariva ny fonay, hiakatra amin'ny tsaratsara kokoa hatrany izahay. Ataovy mahatoky anao izahay ary avelao ny helokay fa mifona amin'ireo ratsy vitanay izahay. Aza ireny hadisoanay ireny ary no jerena fa ny fitiavanao, ny fiombonanay aminao, ny fitiavan'ny Eglizy, ny fanantenan'ny Eglizinao, amin'izay hiadam-pinaritra ao aminao izahay ary dia ho olo araiky aminao tokoa izahay ary indrindra hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, ho zanak'Andriamanitra tokoa amin'ny ataonay rehetra dia ho vavolombelon'ny fahazavanao dia ny fahazavan'ny Paka. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarosan